


Tontosa omaly Alarobia 27 Novambra 2019 ny fifidianana kaominaly manerana ny firenena malagasy. Izany hoe nifidy ben'ny tananà sy ireo olona handrafitra ny filan-kevitra kaominaly ny mpifidy afaka sy novona nanao izany. Mbola tsy nivoaka aloha ny vokatra ofisialy. Izany anefa tsy manaka antsika hanao jery todika mahatsiahy ny Tantara. Antananarivo, Renivohitr'i Madagasikara ny resaka eto, ary fampahatsiahivina ireo Ben'ny Tanàna nifandimby teto Iarivo teo anelanelan'ny taona 1959 sy 2019. Tafiditra amin'izany ireo hoe PDS (Filohan'ny Delegasiona manokana) izay voatendry fa tsy voafidy. Ndao ary. Niniako tsy nasiako ny anaran'ny antoko niavian'izy ireo fa ny anaran'ny tsirairay no tokony banjininareo mpamaky. Misaotra mialoha e!


Stanislas Rakotonirina (mitsangana) sy Justin Bezara mpitolona avy any Avatry ny Nosy tsy dia nisy nahalala loatra

Ny Ben'ny Tanàna malagasy voalohany voafidy talohan'ny fiverenan'ny Fahaleovantenan'i Madagasikara (26 Jona 1960) dia i **Rakotonirina Stanislas**.  Ny 24 novambra 1956 izy no voafidy ary nijanona tamin'io toerana io izy hatramin'ny taona 1959. Ny nandimby azy dia i **Andriamanjato Richard Mahitsison**
,
voadify tamin'ny 11 Oktobra 1959. Azo lazaina fa izy no tanora indrindra amin'ireo Ben'ny Tanàna voafidy satria 29 taona ny lehilahy fony izy nandray io toerana io. Ary naharitra ihany satria tsy niala teo izy raha tsy tamin'ny taona 1977.


Bao sy Richard Andriamanjato miresaka amin'ny Filoha Philibert Tsiranana


Guy RAZANAMASY


ANDRY TGV


NY
ANDRO
ARIVOLAHY TSY MATY INDRAY
COMMUNE URBAINE
D'ANTANANARIVO


ANDRAIKITRO NY MIFIDY
ISOLOIR
MANAN-DANJA AMIN'NY FIRENEKO NY SAFIDIKO